



Araka ny fanasana hitanareo eto ambany dia hotontosaina ao amin'ny Akademia Malagasy ao Tsimbazaza ny fivoriana famaranana ny Fankalazana ny faha-25 taona nijoroan'ny CJD (Club des Journalistes Doyens) na Fikambanan'ny Mpanao Gazety Zokiolona eto Madagasikara.



Tompoko,

Fifaliana lehibe tokoa ho anay Komity Foibe, Mpanatanteraka ao amin'ny Fikambanan'ny mpanao Gazety Zokiolona (Club des Journalistes Doyens C.J.D) ny manasa anao am-pitiavana mba ho tonga hanatrika ny fotoan-dehibe fivoriana famaranana ny fankalazana ny faha-25 taona nijoroan'ny C.J.D teto Madagasikara.

Izany dia hatao ao amin'ny Tranoben'ny Akademia Malagasy, Tsimbazaza ny Alakamisy 05 Septambra 2019 ho avy izao manomboka amin'ny $9^{ora}$ sy sasany maraina.

Fandaharam-potoana

- $8^{ora}$ : fahatongavan'ny Mpikambana rehet
- $9^{ora}$ : Fahatongavan'ireo olona nasaina reh
- $10^{ora}$ : Kabary fanokafana
- $10^{ora}$ 30mn : Kabary samihafa
- $11^{ora}$ : Fankatoavana ireo Mpikambana sy fan
  Samboady ho an'ireo Mpikambana C.J.
- $12^{ora}$ : Kabary famaranana, ary faranana am
  fiaraha- miala hetaheta

Izay Tompoko, fa dia mirary soa sy fanambinana ho
ary dia misaotra mialoha

Ny Foibe C.J.D
Ny Filoha

RANDRIAMORASATA S

TSINDRIO ETO HO LEHIBE KOKOA ITY FANASANA

Ao anatin'io fandaharam-potoana, izay hanomboka amin'ny valo ora maraina io, dia hisy famelabelarana ho ataon'i Rahajarizafy Rémi mikasika an'i Rakotondrasoava  Georges, filohan'ny CJD taloha, sy fampiratiana ho ataon'ny vady aman-janany.

TONGAVA MARO indrindra ianareo mpanao gazety tanora!

**Jeannot Ramambazafy**

***Mpanao Gazety Zokiolona***